# Ilay Voa Tsara Nafafy 29 Jolay 2018

# 29 Alahady
jolay

***(Hoy Jesosy :)* Amin'izay nateraky ny vehivavy, tsy misy lehibe noho Jaona.** Lioka 7. 28

***(Hoy i Jaona Mpanao batisa :)* Tsy izaho no Kristy, fa nirahiny hialoha Azy aho.** Jaona 3. 28

### Ilay olona manan-danja

Jaona Mpanao batisa dia nirahina mba hanomana ny vahoaka Israely ho amin'ny fahatongavan'i Jesosy, Ilay Mesiany, fahatongavana efa antomotra. Tonga i Jaona „hamboatra firenena voaomana ho an'ny Tompo" (Lioka 1. 17). Jesosy dia nanambara azy tamin'ny fomba miavaka (ny andininy voalohany tanisaina etsy ambony).

Notanterahin'i Jaona Mpanao batisa tamin'ny fomba mendri-piderana ny asa nanirahana azy. Tsy mba nanasongadina ny tenany mihitsy izy. Rehefa nanontanian'ny Jiosy izy, dia nanindry mafy ny tsy maha izy ny tenany, fa tsy mba izay maha izy azy. Naviliny ny fijerin'ny olona, tsy hifantoka aminy fa hitodika any amin'Ilay nambarany. Nahafa-po azy ny maha „feo" azy fotsiny, feo itenenan'Andriamanitra amin'ny olony. Ny fihetsiny, ny teniny, ny maha izy azy manontolo, dia mampita hafatra fototra tokana : *Tsy izaho no olona manan-danja, fa Izy, Jesosy !*

Raha vao nahita an'i Jesosy i Jaona, dia nafana fo nampahafantatra Azy tamin'ny rehetra, hoe : „Indro ny Zanak'ondrin'Andriamanitra, Izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao" (Jaona 1. 29). Ireo mpianany aza dia nandao azy, ka lasa nanaraka an'i Jesosy. Tsy nanandrana nitazona azy ireny akory i Jaona. Nasehony ny hafaliany, ary hoy izy : „Izy *(Jesosy)* tsy maintsy mitombo, fa izaho kosa tsy maintsy mihena" (Jaona 3. 30).

Ny eritreritra rehetra ao amin'io lehilahin'Andriamanitra io dia nitodika tany amin'Ilay Olona be voninahitra avokoa, dia Kristy, ary feno Azy ny fony. Izany no tsiambaratelo ahaizana manadino ny tena toy ny nataon'i Jaona.

Tsy amin'izany ve no ahafantarana hoe mahatoky ilay mpanompon'Andriamanitra ? Tsy misarika ny olona hanatona ny tenany izy, fa mampitodika ny maso sy ny fo any amin'*Ilay olona manan-d*, dia Jesosy Kristy.

Ry kristiana, ndao hanambara an'i Kristy, amin'ny alalan'ny Soratra Masina !